

## **FAHAMPAFANTARANA HO AN'IREO MPANDRAY ANJARA**

### **Toe-tsaina manodidina ny fikorontanan-tsaina : fanadihadiana ho an'ny World Alzheimer Report 2019**

Misaotra anao amin'ny fikasanao handray anjara amin'ity fanadihadiana ity, izay mandinika ny toe-tsaina sy fiheveran'ny olona mikasika ny aretina Alzheimer sy karazana aretina fikorontanan-tsaina hafa.

#### **1. Momba ny inona ity fikarohana ity ?**

Izahay ato amin'ny Alzheimer's Disease International (ADI), dia maniry ny hanantanteraka ny fanadihadiana lehibe indrindra maneratany momba ny toe-tsaina sy fiheveran'ny olona mikasika aretina fikorontanan-tsaina. Noho izany, dia ilainay no manangona vaovao avy amin'olona tratry ny fikorontanan-tsaina, avy amin'ny mpikarakara azy ireo, avy amin'ny mpitsabo mati-hanina, ary avy amin'ny olontsotra.

#### **2. Tokony handray anjara ve aho ?**

Miankina amina ny safidy amin'ny fandraisanao anjara na tsia. Afaka tsy mandray anjara ianao raha tsy liana. Raha tapakevitra ny handray anjara kosa ianao, dia iangaviana hamaly ny fanontanina fanekena, mialohan'ny hamalianao ilay fanadihadiana.

#### **3. Inona ny ho fandraisako anjara ?**

Angatahana ianao hameno fanadihadiana misy fanontaniana mikasika ny fikorontanan-tsaina sy ny aretina Alzheimer. Io fanadihadiana io dia azonao fenoana amin'ny alalan'ny aterineto na amin'ny alalan'ny "tablette" izay ho omena ampiasanao ho an'io fanadihadiana. Eo amin'ny 10 na 15 minitra eo ho eo no mety fotoana ahavitanao ilay fanadihadiana.

#### **4. Ahoana no ataoko raha tsy te anohy ilay fanadihadiana aho ?**

Afaka atsahatrao ilay fanadihadiana amin'ny fotoana rehetra, ary tsy mila manome fanazavàna ianao akory. Raha misy fanontanina anatin'ilay fanadihadiana izay manelingelina anao, dia afaka tsy valinao izany. Tsy hisy fiantraikany amina ny manatsahatra ilay fanadihadiana.

## **5. Inona no mety ampiasàna ny valiteniko ?**

Izahay dia mikasa hitatitra ny vokatr'ity fanadihadiana ity anatin'ny World Alzheimer Report 2019. Tsy ho ampifantarina ny momba anao, na anaty tatitra izany na anaty fitaovana fampitambaovao hafa mikasika ity fikarohana ity.

## **6. Hijianona tsiambaratelo ve ny fandraisako anjara sy ny valiteniko? Ho atao tsy fantatr'antarana ve ?**

Eny. Ny mombamombanao rehetra izay ho voarainay, dia hijanona tsiambaratelo tanteraka ary tsy ho atao fantatra ny mombanao. Ny dikan'izany dia tsy ataonay hita misy fifandraisany mihitsy ny valiteny sy ny olona nameno ilay fanadihadiana. Ny rakitra rehetra dia tsy ho atao fantatr'antarana ary ho zaraina amin'ny mpikaroka mpanao fandinihina fotsiny ihany. Ireo rakitra ireo dia ho voatahiry amin'ny fomba nomerika amin'ny aterineto.

## **7. Inona no mety tombotsoa azoko amin'ny fandraisako anjara ?**

Tsy misy tombotsoa azo avy hatrany, fa raha amin'ny fotoana lavitra, dia hitondra fampahalalana manan-danja momban'ny henatra manodidina ny fikorontanan-tsaina ity fikarohana ity, ary azo ho ampiasaina izany mba hampivelarana fandaharana asa tsara kokoa hatrany hoan'ireo olona tratry ny fikorontanan-tsaina.

## **8. Inona no mety vokadratsy sy ny mety mampataotra amin'ny fandraisako anjara ?**

Tsy misy. Ho anontaniana ianao momba ny zavatra inoanao sy ny toe-tsainao. Noho izany, mety misy fanontaniana anohina anao. Afaka hajanonao amin'ny fotoana rehetra ny famenonao ity fanadihadiana ity, ary afaka mandingana fanontaniana izay tsy mampahazo aina anao koa ianao.

## **9. Ary raha manana fanontaniana na fitarainana aho ?**

Raha manana fanontaniana mikasika ity fanadihadiana ity ianao, dia manorata amin'I Wendy Weidner : [w.weidner@alz.co.uk](mailto:w.weidner@alz.co.uk)

**Raha faly andray anjara amin'ity fanadihadiana ity ianao, dia mila valinao ny fanontanina fanekena**